# Lesona 9: Ny Fahotana, ny Filazantsara, ary ny Lalàna

## A. Zava-mahavariana sy Fakam-panahy

1. Inona avy ireo zavatra mahavariana mety ampiasain'i Satana tsy hampifantohany anao amin'ny fifandraisanao amin'Andriamanitra?
2. Mizarà fotoana iray izay nahavariana anao ka tsy nifantohanao tamin'ny fifandraisanao tamin'Andriamanitra. Ahoana no nitarihan'Andriamanitra anao hiverina ho amin'ny fifandraisana Aminy indray?
3. Ny zava-mahavariana sasany dia fakam-panahy mivantana mba hanao ratsy. Matio 4:1-11; 1 Jaona 2:15-17
4. Ahoana no ahafantarantsika fa alaim-panahy hanota isika? Romana 3:20; Salamo 119:105; 1 Jaona 3:4
5. Inona no fihetsika tsara indrindra rehefa alaim-panahy hanao ratsy isika? Jakoba 4:7-8; Hebreo 12:1-2
6. Inona no fampitandremana omen'ny apostoly Paoly an'ireo izay mety manamaviana ny fakam-panahy alefan'i Satana? 1 Korintiana 10:12
7. Raha toa ka lavo manota isika na amin'ny eritreritra, na amin'ny teny, na amin'ny atao, inona no teny fikasana sarobidy azontsika takiana avy amin'ny Tenin'Andriamanitra? 1 Jaona 1:9

## B. Fanafihana ara-panahy avy amin'ny fanjakan'ny haizina

1. Mizarà tantara iray ao amin'ny Soratra Masina izay nahitana olona iray iharan'ny fanafihana ara-panahy avy amin'ny fanjakan'ny haizina. Marka 5:1-5, Asa 13:4-8, sns.
2. Inona no fampitandremana omen'ny apostoly Petera momba ny fanafihana ara-panahy ataon'i Satana? 1 Petera 5:8
3. Inona no fitaovana manokana omen'Andriamanitra ho fiarovana antsika amin'ny fanafihana ara-panahy avy amin'ny fanjakan'ny haizina? Efesiana 6:10-18
4. Nahoana no zava-dehibe koa ny vavaka atao amin'Andriamanitra rehefa tafihin'ny fanjakan'ny haizina isika?

## D. Ireo manda mafy ny fahavalo

1. Misy mahafantatra ireo manda mafy naorin'i Satana ao amin'ny fianakavianao na ny razabenao akaiky ve?
2. Ahoana no fiantraikan'ireo manda mafy ireo teo amin'ny fiainanao?
3. Inona no manda mafy nataon'i Satana teo amin'ny fiainan'i Samsona? Mpitsara 14:1-3, 16:1, 4
4. Ahoana no nahafahan'i Jehovah nandrava an'io manda mafy ny fahavalo io tamin'ny farany? Salamo 50:15
5. Inona no hafatra fampaherezana omen'ny apostoly Paoly an'ireo mahatsapa fa nanorina manda mafy teo amin'ny fiainany ny fahavalo? 2 Korintiana 10:3-5
6. Misy manda mafy ny fahavalo ka tsy azo ravana ve?
7. Inona no fijoroana ho vavolombelona teo amin'ny fiainanao izay nandravan'Andriamanitra ireo mada mafy?